# NY FOMBA FAMBOLENA HAZO FIHINAMBOA



Diam-panorona



Efamira



Mahitsizoro



Manaraka tsipi-mirahabo

**Fisafidiana ny toerana hovolena hazo fihinamboa:**

- Akaiky rano; na azo hitarihana rano,
- Tsy lavi-dàlana,
- Tany tsy be vato,
- Misy tohan-drivotra na hambolena aro rivoira,
- Misy fanatsihan-drano raha toerana iva hialana amin'ny rano mihandrona na safo-drano



**1) Mampiasa tsatoka hanome endrika sy tara-masoandro ny hazo tsirairay**



**2) Manao lavaka (0,8 m x 0,8 m x 0,8 m halebehany amin'ny ankapobeny)**



**3) Fanotofana lavaka**



**Afangaro tsara amin'ireo tany ny :**
- **Zezi-pahitra na kômpôsta 1 na 2 sobika ;**
- **Lavenona : 2 kg ;**
- **Vovo-taolana : 0,5 kg ;**
- **Fanafodim-biby : voandelaka 3-5 tanana**



**4) Didiana manaraka ny fanambaniny ilay pot**



**5) Arotsaka mijoro tsara, tsy totofana ny « collet »**
**Asiana rakotra ary tondrahana**

**Tabilao mamintina ireo refy sy ny isan'ny tsatoka/ha:**

| | |
|---|---|
| Manga, Sakoa, Mahabibo | Elanelany: 10 m x 10 m<br>Isan'nt tsatoka/ha: 100<br>Halebehan'ny lavaka: 0,8 m x 0,8 m x 0,8 m |
| Voasary tsoha | Elanelany: 5 m x 5 m<br>Isan'nt tsatoka/ha: 400<br>Halebehan'ny lavaka: 0,8 m x 0,8 m x 0,8 m |
| Voasary loranjy | Elanelany: 5 m x 5 m<br>Isan'nt tsatoka/ha: 400<br>Halebehan'ny lavaka: 0,8 m x 0,8 m x 0,8 m |
| Papay | Elanelany: 2 m x 2,5 m<br>Isan'nt tsatoka/ha: 2 000<br>Halebehan'ny lavaka: 0,5 m x 0,5 m x 0,5 m |
| Konikony | Elanelany: 4 m x 5 m<br>Isan'nt tsatoka/ha: 500<br>Halebehan'ny lavaka: 0,8 m x 0,8 m x 0,8 m |

**Fitaovana ilaina…**



**Ireto no tokony ho tandremana mandritra ny fambolena:**

- Ilaina ny fanondrahana ny zanakazo alohan'ny hambolena;
- Tapahina ny faka izay efa miforitra na mivoaka ivelan'ny lasaka,
- Tsy halentika na havoaka ny faritra mampisaraka ny taho sy ny faka (collet),
- Azo atao ny manisy alokaloka ny zanakazo raha ilaina hiaro azy amin'ny herin'ny masoandro be loatra.

Conception et crédits photographiques :
Version v1